<u>Fisaorana</u> : Tsy hitsahatra hisaotra H. 44

1. Tsy hitsahatra hisaotra an'Andriamanitra isika e,
   Noho ny soa ara-panahy ao am'i Jesoa Tompotsika
   'Zay antenaintsika e!
2. Fa satria ao am'i Jesoa Tompo marina tokoa e,
   Ny harena sesehena izay atobaka amintsika
   'Zay antenaintsika e!
3. Dia ny teny sy ny hareny, ny fahaizana rehetra,
   F'efa miorina amintsika manko ny hafatr'izy Tompo!
   'Zay antenaintsika e!
4. Koa tsy orim-pahasoavana mihintsy raha isika e
   Dia isika 'zay miandry ny hiverenan'izy Tompo,
   'Zay antenaintsika e!
5. Izy kosa tsy hitsahatra ny hankahery antsika e,
   Mba tsy hanan-tsiny isika rehefa feno ny fotoana
   'Zay antenaintsika e!
6. Tsy mivadika Andriamanitra rehefa miantso antsika,
   Mba hiombona amin-Janany e, Dia i Jesoa Tompotsika

<u>Famaranana</u> : Masina Maria Reninay o, mivavaha ho anay KD 404

Masina Maria Reninay ô, mivavaha ho anay ee
Renin'ny Fiangonanay ee
Niteraka an'i Jesoa Kristy eee. (Ry Maria ô)

1. Herezo amin'ny ezaka ataonay izahay e,
   Ho tontosa soa aman-tsara izay kasainy e,
   Ry Maria ô ô, mivavaha ho anay e!

2. Ny mpanabe sy ny ray aman-dreninay e,
   Nikolokolo, nikarakara hatrizay e,
   Ry maria ô ô mivavaha ho anay e!

Mirary alahady sambatra ho antsika rehetra !

KRISTY MPANJAKA
« Kristy no lohalaharana amin'ny zavatra rehetra »

<u>Hira fidirana</u> : Ry Vahoaka voafidy H. 234
Ry vahoaka voafidy
Voafidin'Andriamanitra
Avia hitsaoka ny Tompo
An'ilay Filoha sy Mpiandry anao.

1. Avia mifalia ka hobio ny Tompo
   Ilay vatolampy sy vonjintsika
2. Andeha mankeo anoloany hisaotra
   Hihira sy hiantsa ary hankalaza azy

<u>Hira fifonanana</u>: Tompo ô mamindrafo aminay (Beso)

<u>Voninahitra</u>: Voninahitra anie, voninahitra anie H.151
Voninahitra anie, voninahitra anie
Ho an'ny Ray ao ambony tsy taza-maso ety
Fiadanana anie, fiadanana anie
Ho an'ny olona tiany, namindrany fo.

1. Midera ano izahay - Mankalaza ano, mitsaoka anao
   Mihoby ny hasinao - Misaotra anao 'zahay
2. Ry Tompo Andriamanitray ô - Rainay ianao, Mpanjakanay ianao,
   Mahefa ny zava-drehetra: Ny tany sy ny lanitra
3. Ry Jesoa Tomponay ô - Zokinay ianao fa Zanaky ny Ray
   Ianao manala ny ota - Ka mamindra fo aminay
4. Ianao irery no Tompo - Ambony indrindra, ankavanan'ny Ray
   Miaraka amin'ny Fanahy - Ka omem-boninahitra

<u>Vakiteny 1</u>: Bokin'i Samoela II, 5, 1-3

<u>Setrin'ny vakiteny</u>: I laveh no mpiandry ahy H. 185
I laveh no mpiandry ahy
Inona moa no hahatahotra ahy?
Isan'andro vaky tantanana aho
Ho any am-paradisany.

1. Izy no Ray mivimbina ny aiko
   Sy manome hasoavan-dehibe:
   Jesoa Kristy no tena mofon'aina
   Ka omeny ahy ho fihinako.

<u>Vakiteny 2</u> :
Taratasin'i Md Paoly apostoly ho an'ny kristianina tany Kolôsy 1, 12-20

Aleloia : Aleloia (Taizé) H. 155
Aleloia, aleloia, aleloia
Aleloia, aleloia } (indroa)
(Aleloia, aleloia
Aleloia, aleloia)

<u>Evanjely</u> : Evanjelin'i Jesoa Kristy nosoratan'i Md Lioka 23, 35-43

<u>Fiekem-pinoana</u> : '**Zaho mino an'Andriamanitra (Beso) H. 161**
'Zaho mino an'Andriamanitra, Ray, Zanaka sy Fanahy
Andriamanitra tokana,Tokana Olona telo } (indroa)

1. 'Zaho mino an'Andriamanitra - Ray mahefa be fitiavana,
   Nanao ny tany aman-danitra e - Na ny hita maso na ny tsy hita
   'Zaho mino an'Andriamanitra.
2. 'Zaho mino an'i Jesoa Mpamonjy - Naterak'i Maria Virjiny
   Nijaly sy maty ho antsika e – Fa nitsangana tamin'ny maty ô
   Ary niakatra any amin'ny Ray.
3. 'Zaho mino ny Fanahy Masina – Avy amin'ny Ray sy ny Zanaka,
   Sy Loharanon'aina e – Mpanamasina ny fanahy ô,
   Mendrika haja sy voninahitra.
4. 'Zaho mino ny Eglizy masina – 'Zay manerana ny tany
   'Zaho mino ny batemy tokana e – 'Zay manala ny fahotana ô,
   'Zaho miandry ny fiainan-ko avy.

<u>Ranom-bavaka</u> : Aza ny otanay H. 163 - n°11
Aza ny otanay no jerenao, ry Andriamanitra ô – Fa ny fitiavan'i Jesoa Zanakao.

<u>Fanolorana</u> : Indro re ny tenanay H.523
1. Indro re ny tenanay e – Atolotray anao, ry Ray.
   Raiso re raha sitrakao – Ho famonjena ho anay.

Asandratray, asandratray e
'Zao no tolotra anao, ry Ray.

2. Indro re ny ezakay...
3. Indro ny fihavananay...

<u>Masina</u> : Masina, masina, masina (1) H. 577
1. Ny Tompo Andriamanitry ny hery rehetra
2. Feno ny voninahitrao re ny tany aman-danitra e
3. Hôzana any amin'ny avo indrindra. (Masina)
4. Hosoavina anie 'lay avy amin'ny anaran'ny Tompo.
5. Hôzana any amin'ny avo indrindra. (Masina)

<u>Fanandratana</u> : Mbola ho avy ny Tompo H. 34
Mbola ho avy ny Tompoe – Mbola ho avy hitsara
Mbola ho avy izy e – Mbola ho avy

<u>Rainay:</u> Tompo ô, Tompo ô, ampianaro mivavaka izahay

<u>Fiadanana</u>: Izay mitambatra no vato KD 539
Izay mitambatra e no vato, izay misaraka dia fasika
Fifankatiavagna ankitiny e no ahitantsika fiadanana

1. E e e ia, o o ia
   Ankitigny tsy mba vandy ny fitiavana
   Mitondra atsika jiaby amin'ny fiadanana
2. E e e ia, o o ia
   Fahaizana mifamela ny helokô
   No fototry ny fiainana farany manjary

<u>Zanak'ondry</u>: Ry Zanak'ondry (Beso)

<u>Kominio</u> : Mofo iray KD. 522
1. Tany an'efitra ry Tompo ô
   No nanombohana
   Nanomezana ny mofon-danitra
   Ho an'ny vahoakanao.

Mofo iray no hifanapahana
Kalisy iray no hisotroana
Ho mariky ny herinao
Tompo ô mampifankatia anay

2. Tonga teto ny Zanakao
   Naka nofo toa anay
   Nampiseho anay ny fitiavana
   Nietry tena nanompo anay
3. N'aiza n'aiza ry Tompo ô
   Mety alehanay
   Zava-tokana anoloanay
   Izay tena maha iray anay.